



Nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson

Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Ny Fitahiana avy amin'ny Soratra Masina

Ny tena tanjon'ny soratra masina rehetra amin'ny farany dia ny hameno ny fanabintsika amin'ny finoana an'Andriamanitra Ray sy ny Zananilahiny Jesoa Kristy

Tamin'ny 6 Ôktôbra tamin'ny taona 1536, dia nisy olona iray mahonena nentina nankao amin'ny fonjan'ny Lapaben'i Vilvorde tany akakin'i Bruxelles, any Belgique. Nandritry ny herintaona sy tapany dia natokamonina tao anaty efitrano mihiboka maizina sady mando izy. Avy eo dia navoaka ivelan'ny rindrin'ny lapabe ilay voafonja ary nafatotra teo amin'ny tsatôka iray. Nanana fahafahana hanao vavaka mafy farany izy: "Tompo ô! sokafy ny mason'ny mpanjakan'i Angletera," ary dia nokendaina izy avy eo. Teo no ho eo dia nodorana teo amin'ilay tsatôka ny vata-mangatsiakany. Fa iza ary izany lehilahy izany ary inona no fahadisoana nataony ka nahatonga ny mpitondra fanjakana sy mpitondra fivavahana nanameloka azy? I William Tyndale no anarany, ary ny heloka nataony dia ny fandikana sy famoahana ny Baiboly tamin'ny teny Anglisy.

Teraka tany Angletera i Tyndale tao anatin'ny fotoana nandehanan'i Christophe Colomb niantsambo nankany amin'ny tontolo vaovao. Nianatra tao Oxford sy Cambridge izy ary avy eo dia lasa mpikambana tao amin'ny

mpitondra fivavahana Katôlika. Nahay niteny fiteny valo izy isan'izany ny Grika, ny Hebreo ary ny Latina. Mpandalina mazoto ny Baiboly i Tyndale, ary nanahirana lalina ny sainy tokoa ny fahitana ny tsy fahalalan'ireo pretra sy ireo tsy mpitondra fivavahana amin'ny ankapobeny ny soratra masina. Nandritry ny resaka somary nafampana nataony niaraka tamin'ny pretra iray mikasika ny fanoheran'ity farany ny fanomezana ny olon-tsotra ny fahafahana handray ny soratra masina no nanaovan'i Tyndale voady hoe: "Raha mitsimbina ny aiko Andriamanitra dia



hataoko atsy ho atsy izay hahafantaran'ny tovolahikely iray mpitarika sarety mpamadika bainga bebe kokoa ny Soratra Masina mihoatra noho ianao!"

Nangataka fahazoan-dalana avy tamin'ireo mpitarika ny fiangonana izy mba hanao ny fandikana ny Baiboly amin'ny teny Anglisy mba hahafahan'ny rehetra hamaky sy hampihatra ny tenin'Andriamanitra. Tsy nekena izany—satria ny ankamaroan'ny olona dia nihevitra fa ny fanomezana fahafahana hampiasa mivantana ny soratra masina ankoatra ireo mpitondra fivavahana dia manozongozona ny fahefan'ny fiangonana ary toy ireny manipy "eo anoloan'ny kisoa ny vatsoa ireny." (Matio 7:6)

Nataon'i Tyndale ihany anefa ilay asa fandikan-teny nifono fanamby tokoa. Tamin'ny 1524, dia nankany Alemana izy ary nanova anarana. Tany izy no niaina ny ankamaroan'ny fotoana mba hiafenana amin'ny fandrahonana tsy tapaka ny hisamborana azy. Tamin'ny alalan'ny fanampian'ireo namana mahatoky no nahafahan'i Tyndale namoaka ny dikan-tenin'ny Testamenta Vaovao tamin'ny Anglisy ary taty aoriana ny Testamenta Taloha. Niparitaka antsokosoko eran'i Angletera ny Baiboly izay tena be mpitady tokoa ary novidian'ireo izay nahazo izany tamin'ny vidiny tena lafo. Niparitaka ho an'ny rehetra izany saingy tamin'ny fomba mangingina. Nodoran'ny mpitondra fanjakana daholo ireo tahadika izay hitany. Na dia izany aza, tao anatin'ny telo taona taorian'ny nahafatesan'i Tyndale dia tena nosokafan'Andriamanitra tokoa ny mason'ny Mpanjaka Henry VIII, ary tamin'ny famoahana ilay antsoina hoe "Ny Baiboly Lehibe", dia nanomboka azon'ny rehetra nampiasaina ny soratra masina tamin'ny teny anglisy. Lasa fototra niorenan'ireo dikan-tenin'ny Baiboly tamin'ny teny anglisy maro taty aoriana izany asan'i Tyndale izany, indrindra ho an'ny Dikantenin'ny Baiboly King James.¹

Tsy i William Tyndale no voalohany na koa farany tamin'ireo olona avy tany amin'ny firenena maro sy fiteny maro izay nahafoy tena, eny hatramin'ny ainy aza, mba hitondrana ny tenin'Andriamanitra hiala avy ao amin'ny haizina. Adidintsika ny maneho fankasitrahana lehibe azy ireo.

Angamba tokony haneho fankasitrahana bebe kokoa aza isika ho an'ireo izay nirakitra sy nitahiry amim-pahatokiana ireo teny ireo nandritry ny taona maro teo amin'ny tantara, izay matetika asa nokaliana sy nitaky fahafoizan-tena lehibe—toà an'i Mosesy, Isaia, Abrahama, Jaona, Paoly, Nefia, Môrmôna, Joseph Smith, ary ireo maro hafa. Inona no zava-dehibe fantatr'izy ireo mikasika ny soratra masina izay tokony ho fantatsika koa? Inona no zavatra takatry ny olona izay niaina tany Angletera tamin'ny taonjato faha-16, ka nandany vola tsy toko tsy forohana sy sahy nanao vy very ny ainy mihitsy aza mba hahazoana ny Baiboly, ka tokony ho takatsika koa?

Taloha kelin'ny nahafatesany dia nankinin'ny mpaminany Almà tamin'i Helamàna zananilahy ny rakitsoratra masin'ny vahoaka. Nampahatsiahiviny an'i Helamàna fa ny soratra masina dia “naniatra ny fitadidian' ity vahoaka ity [...], eny, sy nandresy lahatra ny maro ny amin' ny hadisoan' ny lâlany ary nitondra azy ireny nankamin' ny fahalalana an' Andriamaniny ho famonjena ny fanahiny” (Almà 37:8). Nodidiany i Helamàna mba hitahiry tsara ireo rakitsoratra mba hahafahan'Andriamanitra “maneho ny heriny amin' ny taranaka ho avy” (Almà 37:14) amin'ny alalan'izy ireo.

Tena “maneho ny heriny” amin'ny alalan'ny soratra masina tokoa Andriamanitra mba hamonjeny sy hanandratany ny Zanany. Araka ny nolazain'i Almà dia tena manitra ny fitadidiantsika, manitsy ny fahadisohana, ary mitondra antsika amin'ny fibebahana sy mampifaly antsika ao amin'i Jesoa Kristy, Mpanavotra tokoa Izy, amin'ny alalan'ny Teniny.

Manitra ny Fitadidiantsika ny Soratra Masina

Mampivelatra ny fitadidiantsika ny soratra masina amin'ny alalan'ny fanampiany antsika hahatsiaro lalandava ny Tompo sy ny fifandraisantsika Aminy sy amin'ny Ray. Mampahatsiahy antsika ny zavatra fantatsika tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana izany. Ary mampivelatra ny fitadidiantsika koa izany amin'ny lafiny hafa amin'ny alalan'ny fampianarana antsika mikasika ireo vanimpotoana, sy



olona ary zava-nitranga izay tsy nianantsika nivantana. Isika dia tsy nisy nanatrika ny fisarahan'ny Ranomasina Mena sy ny fiarahana nandeha tamin'i Mosesy teo afovoan'ny rindrin-drano mba hiampita teny amin'ny faritra ilany, ary tsy tany amin'ny toerana nihainoana ny Toriteny teo antendrombohitra ary tsy nahita an'i Lazarosy nitsangana tamin'ny maty, ary tsy nahita ilay Mpamonjy nijalijaly tao Getsemane, ary tsy teo amin'ny hazo fijaliana, ary tsy niaraka tamin'i Maria isika ka naheno ireo anjely roa nijoro ho vavolombelona mikasika ilay fasana foana satria i Jesoa efa nitsangana tamin'ny maty. Izaho sy ianao dia samy tsy isan'ireo nandroso tsirairay niaraka tamin'ny valalabemandry tao Soafeno nandritry ny fanasan'ny Mpamonjy efa nitsangana tamin'ny maty mba hitsapa ny diam-pantsika ary tsy nampandro ny tongony tamin'ny ranomasontsika. Tsy niara-nandohalika teo anilan'i Joseph Smith tao amin'ny Alakely Masina isika ka tsy nifanatri-maso tamin'ny Ray sy ny Zanany. Kanefa fantatsika bebe kokoa ireo zavatra rehetra ireo satria manana ny soratra masina isika izay manitra ny fitadidiantsika, sy mampianatra antsika ireo zavatra tsy fantatsika. Ary rehefa tafalatsika ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika ireo zavatra ireo dia miorim-paka ny finoantsika an'Andriamanitra sy ny Zanakalahiny Malalany.

Manitra ny fitadidiantsika koa ny soratra masina amin'ny alalan'ny fanampiana antsika tsy hanadino izay nianarantsika sy nianaran'ireo taranaka

teo aloha. Ireo izay tsy manana na tsy mahalala ireo tenin'Andriamanitra voarakitra dia tsy maintsy hitsahatra tsy hino Azy ary hanadino ny tanjon'ny fisian'izy ireo eto an-tany. Hotsaroanao ny naha-zava-dehibe ny fitondran'ny vahoakan'i Lehia ny takela-barahina niaraka taminy rehefa niala tao Jerosalema izy ireo. Nanana toerana lehibe teo amin'ny fahalalan'izy ireo an'Andriamanitra sy ny fiavian'ny Fanavotan'i Kristy ny soratra masina. Ireo vondrona hafa izay “niala tao Jerosalema” taoriana kelin'i Lehia dia tsy nanao soratra masina, ary rehefa nihaona taminy ny taranak'i Lehia 300 na 400 taona taty aoriana dia nilaza izy ireo fa “efa nihasimba ny fiteniny; . . . ary nolaviny ny fisian' ny Mpahary azy” (Ômnia 1: 15, 17).

Tamin'ny andron'i Tyndale, dia nihanaka ny tsy fahalalana ny soratra masina satria tsy nanana fahafahana hahazo ny Baiboly ny olona, indrindra tamin'ny fiteny izay hahatakarany azy. Ankehitriny ny baiboly sy ny soratra masina hafa dia mora azo, kanefa toa mitombo izay tsy izy ny tsy fahalalana ny soratra masina satria tsy manokatra ireo boky ireo ny olona. Vokatry izany dia hadinon'izy ireo ny zavatra fantatry ny ray aman-drenibeniny teo aloha.

Ny Soratra Masina no Fenitra Hanavahana ny Tsara sy ny Ratsy

Mampiasa ny soratra masina Andriamanitra mba hanitsiana ny hev-diso, ny fomban-drazana diso, ary ny ota sy ny voka-dratsiny izay mandrava. Ray aman-dreny be fitiavana Izy izay



hanao izay tsy hiainantsika fijaliana sy fahoriana tsy ilaina ary hanampy antsika ihany koa etsy andaniny hampiasa ilay hery masina anaty izay ananantsika. Ny soratra masina, ohatra, dia mandà tanteraka ny fomba fisainana fahiny izay miverina mihamahazo laka indray amin'izao androntsika izao—ny fomba fihevitr'i Kôrihôra izay milaza fa tsy misy fenitra ara-pitondran-tena tsy maintsy arahana, fa “ny olona tsirairay dia [m]iroborobo araka ny halalintantsainy, ary ny olona tsirairay dia [m]andresy araka ny heriny; ary na inona na inona [a]taon' ny olona iray dia tsy heloka” ary “rehefa maty ny olona iray, dia izay no vita ny aminy” (Almà 30:17–18). I Almà, izay niady hevitra tamin'i Kôrihôra, dia tsy namela an'i Kôriantôna zananilahy, hihihihy mikasika ny fisian'ny lalàna masina ara-pitondran-tena marina. Meloka noho ny fahalotoana ara-pitondrantena i Kôriantôna ary ny rainy dia niresaka taminy tamim-pitiavana nefa nivantana: “Tsy fantatrao va, anaka, fa ireny zavatra ireny dia fahavetavetana eo imason' ny Tompo; eny, tena fahavetavetana indrindra noho ny fahotana rehetra, afa-tsy ny fandatsahana ny ran' ny tsy manan-tsiny, na ny fandavana ny Fanahy Masina?” (Almà 39:5).

Mitsimbadika tanteraka amin'ny fomba fisainana zato taona lasa ny ankehitriny satria ny fisainan'ny olona maro ankehitriny dia hanohitra ny hevitr'i Almà mikasika ny maharatsy ny tsy fahadiovam-pitondrantena.

Hisy ireo hilaza fa tsy mety ny mitsara mivantana fa mila mampitaha ny zava-drehetra, na hoe ny fitiavan'Andriamanitra dia manome lalana hanao ny zava-drehetra. Raha misy Andriamanitra, araky ny filazan'izy ireo, dia hamela ny ota sy ny fahadisoan'ny olon-drehetra Izy noho ny Fitiavany antsika—ka tsy misy antony ilana ny fibebahana, fa raha tena ilaina izany dia fibabohana amin'ny fomba tsotra fotsiny dia ampy. Izy ireo dia mieritritra Jesoa iray izay maniry ny mba hanaovan'ny olona asa ho an'ny fahamarinana eo amin'ny fiaraha-monina, fa tsy mitaky zavatra velively eo amin'ny fiainany sy fitondrantenany manokana.² Kanefa ilay Andriamanitra ny fitiavana dia tsy mamela antsika hianatra amin'ny alalan'ny zavatra mampalahelo eo amin'ny fiainana satria “ny faharatsiana dia tsy fahasambarana na oviana na oviana” (Almà 41:10; jereo koa Helamàna 13:38). Ny didiny dia feon'ny fahamarinana sy fiarovana antsika amin'ny fanaintanana vokatry ny nataontsika. Ny soratra masina no mizàna handrefesana ny mety sy ny fahamarianana ary milaza mazava izy ireo fa ny tena fifaliana dia tsy miankina amin'ny fandavana ny fitsaran'Andriamanitra, na amin'ny fanandramana hanodina ny vokatry ny ota, fa miankina amin'ny fibebahana sy famelan-keloka amin'ny alalan'ny sorompanavotana tamimpamindram-po nataon'ny Zanakalahin'Andriamanitra (jereo Almà 42).

Mitarika antsika hanaraka fitsipika sy fenitra ara-pitondrantena manandanja ny soratra masina hihazonana fiaraha-monina feno fifanajana, ary ao anatin'izany ny fahitsiana, ny toetra maha-tompon'andraikitra, ny tsy fitiavan-tena, ny fahatokiana ary fiantrana. Ao amin'ny soratra masina dia hitantsika mivantana ireo fitahiana izay azo avy amin'ny fanajana ireo fitsipika marina ary koa ireo loza hitranga rehefa mandà ny hiaina azy ireo ny olona tsirairay na ny sivilizasiôna iray. Rehefa tsy raharahiana sy hadinoina ny fahamarinana ao amin'ny soratra masina, dia ilay fototra ara-moraly ilaina indrindra eo amin'ny fiaraha-monina no rava tsikelikely ary efa akaiky ny faharavana. Ary amin'ny farany dia tsy hisy na inona na inona tavela mba hanohana ireo lalàna fototra izay iorenan'ny fiaraha-monina.

Mampanatona Antsika amin'i Kristy, Ilay Mpanavotra Antsika, ny Soratra Masina

Ny tena tanjon'ny soratra masina rehetra amin'ny farany dia ny hameno ny fanahintsika amin'ny finoana an'Andriamanitra Ray sy ny Zananilahiny Jesoa Kristy—finoana fa misy Izy ireo, finoana an'ilay drafitry ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay, finoana an'ilay Sorompanavotana sy Fitsangana-n'i Jesoa Kristy tamin'ny maty izay mamelona ity drafitry ny fahasambarana ity, finoana entina hanaovana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ho lasa fomba fiainantsika, ary finoana ahafahana mahafantatra “Ilay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa ni-rahi[ny]” (Jaona 17:3).

Ny tenin'Andriamanitra, araka izay nolazain'i Almà, dia toy ny voa hafafy ao am-pontsika izay miteraka finoana rehefa manomboka mitombo ao antintsika (jereo Almà 32:27–43; jereo koa Romana 10:13–17). Tsy azo avy amin'ny fandalinana lahatsoratra fahiny amin'ny fomba akademika fotsiny ny finoana. Tsy ho azo avy amin'ny fangadian-javatra na fahitan-javatra eo amin'ny sehatry ny fikarohana an'ny hainifahagola izany. Tsy ho azo avy amin'ny fanandramana ara-tsiantifika izany. Mety tsy ho azo na dia amin'ny alalan'ny fahitana fahagagana mivantana aza izany. Mety hanampy hanamafy

orina ny finoana ireo zavatra ireo, na mety hitsapa azy indraindray, saingy tsy ireo no miteraka finoana. Ny finoana dia azo avy amin'ny fijoroan'ny Fanahy Masina ho vavolombelona amin'ny fanahintsika, izany hoe Fanahy Masina mankany amin'ny fanahy, rehefa mandre na mamaky ny tenin'Andriamanitra isika. Ary mihamafy orina ny finoana rehefa manohy mamoky ny tenantsika amin'ny teny isika.

Ireo tantara ao amin'ny soratra masina mikasika ny finoan'ny hafa dia hampatanjaka koa ny finoantsika. Tsaroantsika ny finoana nananan'ilay kapiteny izay nangataka an'i Kristy hanasitrana ny ankizilahiny na dia tsy mbola nahita azy mihitsy aza (jereo Matio 8:5–13), ary ny fanasitrana an'ilay zanakavavin'ny vehivavy jentilisa iray, satria izany reny be fanetren-tena izany dia hanaiky, raha azo lazaina, na dia hihinana izay sombintsombiny la-tsaka avy amin'ny latabatry ny tompony aza (jereo Matio 15:22–28; Marka 7:25–30). Rentsika ny hiakam-pitarainan'i Joba manao hoe: “Na dia hamono ahy aza Izy, mbola hanantena Azy ihany aho” (Joba 13:15)—ary ny tomaniny teo am-pilazana hoe “fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ka hitsangana any am-parany; . . . [ary] afaka amin'ny nofoko aho, dia hahita an'Andriamanitra” (Joba 19:25–26). Rentsika ilay tovolahy kely mpaminany be fitiavana ary maha-zo herim-po isika avy amin'ny finiavany, izy ilay nankahalaina sy nenjehin'ireo olon-dehibe mafy: “Fa efa nahita fahitana aho; nahafantatra izany aho, ary nahafantatra aho fa nahafantatra izany Andriamanitra, ary tsy afaka mandà izany aho sady tsy sahy nanao izany” (Joseph Smith—Tantara 1:25).

Noho ny soratra masina mampahafantatra ny fotopampianaran'i Kristy dia miaraka amin'ny Fanahy Masina izany ary ny asany dia ny mijoro ho vavolombelona momba ny Ray sy ny Zanaka (jereo 3 Nefia 11:32). Noho izany ny famakiansika ny soratra masina dia efa fomba iray hahazoantsika ny Fanahy Masina. Mazava ho azy fa nomena tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina ny soratra masina tany ampiandohany (jereo 2 Petera 1:21; F&F 20:26–27; 68:4), ary izany Fanahy Masina izany ihany no manaporofo ny fahamarinany aminao sy amiko.

Halalino tsara sy amim-palalahana ny soratra masina. Saintsaino izany ary mivavaha mikasika izany. Ny soratra masina dia fanambarana ary mbola hitondra fanambarana fanampiny.

Eritrereto ny halehiben'ny fitahiana azontsika amin'ny fananantsika ny Baiboly Masina sy ireo soratra masina fanampiny misy 900 pejy eo ho eo, ka ao anatin'izany ny Bokin'i Môrmôna, ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, ary ny Voahangy Lafo Vidy. Ary eritrereto koa, ho fanampin'izany, ireo teny ambaran'ireo mpaminany rehefa entanin'ny Fanahy Masina izy ireo toy ny mitranga eto ohatra, izay antsoin'ny Tompo hoe soratra masina koa (jereo F&F 68:2–4), izay alefa tsy tapaka ho antsika amin'ny fahitalavitra, radiô, Internet, amin'ny alalan'ny zanabolana, ny CD, ny DVD ary havoaka antsoratra. Ataoko angamba fa tsy mbola nisy teo amin'ny tantara hatramin'izay, fotoana nanomezana ny olona soratra masina marobe toy izao. Ary tsy izay ihany, fa ny lehilahy, sy vehivavy ary ny ankizy tsirairay dia afaka manana ny boky soratra masiny ho azy manokana sy handalina izany, amin'ny fiteniny ho an'ny ankamaroany. Tena tsy mampino izany raha ho an'ny olona tamin'ny andron'i William Tyndale sy ireo Olomasi-na tamin'ny fotoampitantanana taloha!

Mino aho fa noho ny fananana izany fitahiana izany, dia milaza amintsika ny Tompo fa lehibe kokoa mihoatra noho ny tamin'ny andro teo aloha ny filantsika ny fampiasana tsy tapaka ny soratra masina. Enga anie isika hanohy hamoky ny tenantsika amin'ny tenin'i Kristy izay hilaza ny zava-drehetra tokony hataontsika (jereo 2 Nefia 32:3). Nandalina ny soratra masina aho ary nisaintsaina ny soratra masina. Ary amin'izao fotoan'ny paska izao, dia mijoro ho vavolombelona aminareo momba ny Ray sy ny Zanany aho araky ny nanambarana azy ireo ao amin'ny soratra masina, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. Ho loharanom-pahalalana mikasika an'i William Tyndale dia jereo ny boky nosoratan'i David Daniell: *The Bible in English* (2003), 140–57; Lenet Hadley Read, *How We Got the Bible* (1985), 67–74; S. Michael Wilcox, *Fire in the Bones: William Tyndale—Martyr, Father of the English Bible* (2004); John Foxe, *The New Foxe's Book of Martyrs* (1997), 121–33; “William Tyndale,” azo jerena ao amin'ny http://en.wikipedia.org/wiki/William_Tyndale; nanomboka ny 28 Febroary, 2010. Bible Dictionary, “Bible, English.”
2. Jereo ny fanadihadiana natao tamin'i Richard Neitzel Holzapfel ao amin'ny Michael De Groote, “Questioning the Alternative Jesus,” *Deseret News*, Nov. 26, 2009, M5.

